



**Georges Andriamanantena (Rado)**

## Une étrange paix

*traduit du malgache par Tahina Onivololona*

### *Fiadanana hafahafa*

*Any efitrano iray, mitokantokana irery  
Efitrano teritery toa tsy maha-te hijery  
Efitrano iray mangina, efitrano mahonena  
Nefa kosa efitrano tena fandinihan-tena*

*Misamonomonona ao, hirahira hafakely  
Ataon'ny voronkely maro, nefa kosa tsy tantely  
O! Ny fanaka tsy misy, toko roa no ijoroana  
Tena efitrano tsotra, eo an-dàlam-pandrosoana*

*Irony hanitry ny làsana? Ao no tena hiely fatratra  
Ny taolam-balon'ny fahiny, indreny hita  
hiampatrampatra  
Nefa, misikina hery, dia hidio ny varavarana  
Sao dia hisy any ho any, olona manarangarana*

*Eny an-tànanao tsinjovy, fa gazety no vimbinina  
Aforiporitra hafahafa, toa fiazina, fihinina  
Mba hamantaranao kokoa ny fiantombohan'ny  
tantara  
sy ny zavatra hatao, hatreo dia raiso ny sigara*

*Tsy maintsy miditra ao ianao, indray mandeha  
raha kely indrindra  
Amin'ny andro anankiray, amin'izay ianao  
mamindra  
Toy ny olo-maimaika te hahita fiadanana  
Fa ny toerana eo ivelany eo, tsy ho azonao ho  
namana*

*Satria handini-tena ianao, dia herezo re ny saina  
Izay mangejangeja anao, ô esory sombinaina  
Mivonona mba hiady; Ary aza mba mitsoaka,  
na ho basy no hitefoka, na tafondro no hipoaka*

*Miovaova ny eto an-tany, misy andro maha-  
mirana  
Fa ity indray mandeha ity, feno zava-manahirana  
Ary rehefa injay manery, ilay fotoana be ankasoa  
Ireo tsy mahatanty "saoka" dia mandrotsa-  
dranomaso*

### Une étrange paix

Lieu de silence  
À l'écart, sans attrait  
Particulier, où penser  
Se recueillir

Où s'invitent sifflements d'oiseau,  
Plutôt que bourdonnements de mouche,  
Aucun meuble là-dedans, juste  
Une paire de briques, lieu en devenir

Les effluves du passé y remontent-ils  
D'un tas de vieux os noircis ? À l'abri des  
regards,  
Refermant la porte derrière toi, courage,  
Entres-y

Le cigare aux lèvres, un journal entre les mains  
À plier et replier jusqu'au complet essorage  
Des tenants et aboutissants de l'histoire,  
Et la connaissance de ce qu'il te reste à faire,

Une fois le jour, pas moins  
Comme ayant une affaire urgente  
À régler, dans le calme  
Sans pour autant frayer alentour,

Entre, mon enfant, en combat spirituel,  
Affrontant feux de l'ennemi, coups de canons ;  
Et, marque ces lieux  
De ton faix

Car tout passe sur la terre, le pressant moment  
De la victoire peut s'accompagner  
D'un grand plaisir, mais en ce jour  
La « secousse » fait couler une larme,

*Mm Injay misento tokana ianao, miheritreritra ny  
lasana  
Raha mijery ity efitrano toa mi-tokontanin-pasana  
Dia tsarovana avokoa izay rehetra niaremana  
Ny goavy sy sakay, eo vao samy hanenenana*

*Vita izay, ô tsaroana afaka entana ka faly  
Injay fa maivana ny tena, afaka ota, afa-jaly  
Ilay gazety, indro ariana, vita mantsy ny adidiny  
Ny fehikibo indro alaina, mba haverina amin'ny  
hidiny*

*Dimy minitra monja izay, nefa dimy minitra lafo  
Azoazo moramora tao ambanin'ity tafo  
Raha toa tsy fantatrao izay voalazako androany  
Rahampitso vao maraina dia ho fantatrao izany*

S'exhaler un long soupir, regretter l'hier  
Quand de vieux piments et d'anciennes goyaves  
Remontent à la surface, dans ce lieu qui est  
Le parterre d'une tombe

Que c'est bon, ah, félicité,  
Le corps est léger, libéré de son péché  
Le journal est jeté, il a rempli son office  
La boucle est bouclée,

Le tout n'a pris que cinq minutes, simples  
minutes  
Coûteuses sous ce toit, quoique gratuites  
Et si ça t'échappe aujourd'hui  
Demain ça te rattrapera

Georges Andriamanantena (Antanarivo, 1923-2008), plus connu sous son nom de plume de Rado, fut un journaliste, écrivain et poète d'expression malgache et un défenseur de sa culture. Il a écrit une dizaine de recueils de poèmes, qui sont au programme des classes du second cycle de l'enseignement secondaire malgache. Parmi ses œuvres les plus célèbres, on peut citer *Dinitra* (Sueur), *Zo* (Droit), *Sedra* (Épreuve), *Fiteny roa - En deux langues* (2005).